GAZETY
tohiravina
TERAKA

www.teraka.org - n° 00 - martsa 2024 - MAIMAIMPOANA



TERAKA : fandaharan'asa fambolena hazo ataon'ny Tantsaha ary ho an'ny Tantsaha

Soatoavina fototra TERAKA miisa 7 : 1. Marina | 2. Mahitsy | 3. Mangarahara | 4. Miasa an-tsitrapo | 5. Mifampitondra amin'ny fifanompoana | 6. Teti-bola kely ahazoana vokatra lehibe | 7. Tompon'andraikitra > p.3





TERAKA, manaraka ny modely TIST, fomba fiasa voaporofo sy nahazo fankasitrahana iraisampirenena > p.2

Tatitr'ireo Seminera notanterahina tamin'iny volana oktobra sy novambra 2023 lasa iny > p.4

Ny loharano nipoiran'ny TERAKA tany amin'ny Kaominina Amparaky-Distrikan'ny Soavinandriana > p.4

Hazo : « Aza kapaina aho, aza doroina aho dia ho hitanao ny hanasoavako anao sy ny taranakao ary ny Tanindrazanao ». > p.4

Ry namana mpamboly hazo TERAKA.

Manan-daja ho an'ny programa TERAKA ity volana martsa ity satria amoahana ny laharana 00 ny gazety TOHIRAVINA. Ity gazety ity dia natao hifampizarana ny fomba fanao mety ahasoa sy ireo paipaika mitondra vokatra, ary ny fahombiazana sy ny fahasarotana natrehin'ny tsirairay. Izany dia ahafahantsika miara-mianatra sy miara-mandroso. Natao koa izy ity mba hizaràna ireo vaovao lehibe sy ireo vaovao manamarika ny fiainan'ny tetik'asa. Avoaka in-dray isam-bolana ny gazety TOHIRAVINA.

Manan-danja ihany koa ity volana ity satria hatramin'ny nanaovana andiana seminera tamin'ny volana oktobra sy novambra dia nisy 77 vondrona TERAKA tafatsangana ary misy tantsaha miisa 1 000 nisoratra anarana.

Hiaraka handray anjara isika hanasoa ny tanin-tsika sy ny hazon-tsika izay hamerina amin-tsika ny vokatsoa haterany.

Mamboly hazo anio, mialoka rahampitso.

Mirary vakiteny mitondra fahalalana vao ho antsika !

Traik'efa feno 25 taona sy mpikambana miisa 200 000


Ny TIST dia program-pitarihana ho an'ny tontolo iainana natsangan'ny misionera amerikanina niara-niasa tamin'ireo mpitarika fivavahana kristianina tany Tanzania. Tamin'ny taona 2000 dia nanao seminera maromaro ireo vondron'olona tantsaha tao an-drenivohitr'i Mpwapwa hitadiavana vahaolana manoloana ny tany makiana sy ny fahaverezan'ny nofon-tany hambolena, ny areti-mifindra, ary ny fahantrana.

Ny programa TIST dia miainga amin'ny fanambarana ny fahaizan'ireo vondrona ikambanan'ny tantsaha vitsivitsy mba hanavao ny tontolo ka ahafahana mamokatra sy mampidi-bola amin'ny fomba maharitra. Anisan'izany ny fidiram-bola azo avy amin'ny karbaona izay hanampiana ny fampihodinana ny tetik'asa TIST.

Afaka 25 taona taty aoriana dia nahatratra 200 000 ireo tantsaha mpikambana anaty vondrona ao amin'ny programa TIST any Afrika Atsinanana, Kenya, Tanzania, Oganda, izay nandrotsahan'ny programa TIST vola mitentina 9 tapitrisa dolara, tombony avy amin'ny karbaona. TERAKA no programa TIST an'i Madagasikara.

TERAKA

Ny anarana hoe **TERAKA** dia noheverina mba hanomezana fiandrianana ny maha masina ny Fiainana, amin'ny fahaterahana sy ny fahalonahana mitondra voka-tsoa ho an'ny natiora sy ny mpiara-belona.



TERAKA : ataon'ny Tantsaha ary ho an'ny Tantsaha

Avy amin'ny tokantrano samihafa, mifanolo bodirindrina na mifanakaiky ny Vondrona Madinika TERAKA. Izy ireo ihany no misafidy ireo karazana hazo hovoleny eny amin'ny tanin'izy ireo tsirairay avy ary izy ireo ihany koa no mamokatra zanaka hazo amin'izany. Mila tompon'ny tany ny mpikambana tsirairay. Mikolokolo sy miaro ny hazo amin'ny mety ho fahasimbany izy ireo. Manasosoka ireo izay maty ary mitazona azy ireo ho velona.

Ireo Vondrona Madinika dia mijanona ho tompon'ireo hazo sy ny tany. Higoaka ireo vokatsoa izay afaka omen'ny hazo velona irery ihany, toy ny voankazo, fanafody, alokaloka, fanatsarana ny tany sy ny loharano, rivotra madio, sns. izy ireo sy ny mpiara-monina aminy ary ny taranaka ao afara. Hisitraka koa izy ireo ny fifofanana entin'ny fandaharanasa araka ny filana ara-piofanana ilain'izy ireo mba hafahany mivoatra. Izany dia ahitana ireo lohahevitra mahakasika ny fambolena, ny fiompiana, ny fahasalamana, ny ara-tsakafo, indrindra ireo izay manodidina ny fambolena hazo toy ny hoe : « Ahoana no atao hananganana zanaka hazo amin'izay zavatra eo am-pelatanana » ; « Inona avy ireo asa famokarana mifandraika amin'ny hazo velona ka tsy voatery hoe mikapa hazo vao misy lanjany ny hazo ? » sns.

Ankoatra ireo voka-tsoa voalaza tetsy ambony ireo, ny Vondrona Madinika ihany koa dia hisitraka ny 70 % ny tombom-barotra azo avy amin'ny famarotana ireo « Kredit Karbaona » rehefa tonga ny fotoana hahafahana mivarotra izany eny amin'ny tsena iraisam-pirenena ho an'ny Karbaona. Ny fitomboan'ny ny Vondrona Madinika manatevin-daharana sy ny fitomboan'ny isan'ny hazo voavoly no manafaingana io fotoana io. Ny orin'asa ITERAKA izay tompon'andrikitra ny fandaharanasa TERAKA no miandraikitra ny famaratona. Misy araka izany ny fifanarahana an-taratasy ho firahamiasa sy famelana ny orin'asa hivarotra ireo « Kredit Karbaona » soniavin'ireo Vondrona Madinika amin'ny ankilany ary ny orin'asa amin'ny andaniny.

Voatonona tetsy aloha ny teny hoe « Kredit Karbaona », izay teny tsy dia fandre matetika. Ho velabelarintsika ny mahakasika azy io ao amin'ny tapany faha-3 amin'ity Gazety TOHIRAVINA ity.



TERAKA : ireo Soatoaviny sy ireo fomba fanao tsara voiziny

Ny fiainan'ireo olona tsirairay mandrafitra ny TERAKA ireo soatoavina fototra 7 no vatofantsika mampaharitra ny fijoroan'ny fandaharanasa TERAKA sy miantoka ny fahombiazany. Zava-dehibe tsy azo amavaininа noho izany ny fiainana sy fampiarana azy ireo. Ilaina ny fahamarinana sy ny fifampitokisana eo amin'ny samy Mpikambana sy eo amin'ireo Vondrona Madinika tsirairy sy ny orin'asa ITERAKA.

Fifandimbiasam-pitarihana sy Fifanorenana no fomba fanao tsara izay voizina ao anatin'ny fandaharanasa TERAKA.

Ny fifandimbiasam-pitarihana

Ny olona tsirairay dia manana zavatra maro samihafa atolotra. Ary tsy fantatsika izany raha tsy omena azy ny fahafahana aneho izany. Izany indrindra no antony hampiarana ny Fifandimbiasa-mpitarihana na eo anivon'ny fivoriana isan-kerinandron'ny Vondrona Madinika na ny fivoriana isambolan'ny Vovonambondrona.

Ny mpitarika eo anivon'ny Vondrona Madinika na ny eo anivon'ny Vovonambondrona dia ahitana : Mpitarika 1, Mpitarika mpanampy 1 ary Mpahay Kaonty 1. Amin'ny fivoriana manaraka ny Mpitarika Mpanampy lasa Mpitarika, ny Mpahay kaonty lasa Mpitarika mpanampy. Isaky ny fivoriana izany dia mila mifidy Mpahay Kaonty vaovao. Izay no atao hoe fifandimbiasam-pitarihana. Miova isan-kerinandro io ho an'ny Vondrona Madinika ary isaky ny efa-bolana ho an'ny Vovonambondrona.

Ny Fifanorenana

Ny Fifanorenana dia fampiharana ny filazana ny lanjan'ny olona iray ho ren'ny olona rehetra. Atao isaky ny fahavitan'ny fivoriana izy io. Ny mpikambana tsirairay dia milaza zavatra tsara iray nataon'ireo Mpitarika 3 nandritra ny fivoriana. Tsy mamaly ireo Mpitarika fa miteny « *Misaotra* » fotsiny.

Atao io na eo amin'ny fivorian'ny Vondrona Madinika na Vovonam-bondrona. Ny fifanorenana dia mampiroborobo ny haitarika ato amin'ny TERAKA ary manome fahafalimpo sy fahatokisan-tena ho an'ireo Mpitarika rehefa nahatontosa zavatra tsara izy.

Vondrona Madinika TERAKA miisa 77

Mitsinjara ho toy izao izy ireo : 22 Ankarinoro ; 14 Mahazoarivo ; 15 Fiadanana ; 16 Sahamadio ; 8 Amparaky ary 2 Amparibohitra. Indro ary fampafantarana fohy Vondrona Madinika miisa 4 amin'ity laharana 00 ny gazetintsika.



MIARADIA

" Hiara dia hanarina ny toetr'andro sy ny tontolo iainana. "

Kaominina Ankarinoro, Fokontany Ankona, ao Ambendrana

Miisa 10 : vehivavy 4 sy lehilahy 6

Ireo karazana hazo fihinam-boa sy hazo zana-tany no nosafidian'izy ireo volena.



FANILO LOVA

" Hamboly hazo fa io no lovan'ny taranaka afara. "

Kaominina Mahazoarivo, Fokontany Atsimotanana, ao Ilempona

Misy 6 mirahalahy mianaka

Ireo karazana hazo fihinam-boa no nosafidin'izy ireo ho volena.



SOA LOVAINJAFY

" Mametraka tantara tsara ho an'ny zanatsika sy ny zafitsika isika. "

Kaominina Mahazoarivo, Fokontany Atsimotanana, ao Ilempona

Miisa 12 : vehivavy 5 sy lehilahy 7

Efa mikarakara ireo lavaka sy fako atao aminy ary ny zanaka hazo izy ireo izao.



AVOTRA MIARADIA

" Mihinana sakafo maro loko ary manatsara ny tontolo iainana mba ho lovan'ny ao afara. "

Kaominina Sahamadio, Fokontany Mahazina, ao Ambahimato sy Ankofa

Miisa 10 : vehivavy 7 sy lehilahy 3

Ireo karazana hazo fihinam-boa no nosafidin'izy ireo ho volena.



Programa mamaky lay hiatrehana ny olana ara-tontolo iainana sy ara-panjarian-tsakafo

Faritra roa eto Madagasikara no nanombohana ny fandaharanasa TERAKA ny volana jolay 2023 Iasa iny. Ny Faritra : Amoron'i Mania sy Itasy. Ho an'ny Amoron'I Mania dia ny Distrikan'ny Fandriana izay ahitana ireto Kaominina 4 ireto : Sahamadio, Fiadanana, Mahazoarivo ary Ankarinoro. Ho an'ny Faritra Itasy kosa dia ny Distrikan'ny Soavinandriana izay ahitana Kaominina miisa 4 ihany koa : Amparaky, Amparibohitra, Masindray ary Soavinandriana. Nisy araka izany ireo Seminera izay notanterahina teo anivon'ireo Kaominina ireo ny volana oktobra sy novembra 2023 Iasa iny.

Rehefa niroso ary ny fikahonan-doha samy tamin'ireo mpanatrika mahakasika ireo vahaolana dia voatonona matetika fa ireo voka-tsoa maro be omen'ny hazo velona dia mety mamaha ny ankabeazan'ireo olana ara-tontolo iainana sendrain'ny tantsaha. Ny fambolena hazo no anisan'ny vahaolana maharitra sy azo antoka fa hamerina indray ny tsiron'ny tany, itazona ny nofon-tany tsy ho kahon'ny riaka ka tsy hototra ny tanimbary sy tsy ho tsentsina ny lakandrano, amelona indray ireo loharano maty, hanatsara ny tontolo iainana eny an-toerana ka hanatsara indray ny voka-pamokarana sy fiompiana.

Taorian'ireo Seminera ary dia samy nandray ny andraikiny ny tsirairay koa nisy avy hatrany ireo nirotsaka ho tantsaha hamboly hazo ao anatin'ny fandaharanasa TERAKA ary hiroso amin'ny fananganana Vondrona Madinika. Ho an'ireo izay efa nahalala mialoha ny fandaharanasa moa dia efa nitondra sahady ireo lisitr'ireo tantsaha miara mikambana Vondrona Madinika aminy. Hita izany tany amin'ny Kaominina Amparaky, Distrikan'ny Soavinandriana Itasy.

Izaho ilay hazo te hitondra soa ho anareo

Manadio ny rivotra iainanareo aho. Amin'ny alalan'ny ravina dia trohako ny gazy karbaonika ary omeko rivotra madio ianareo. Ilaiko mba hanamboarako ny sakafoko io ka mba afahako mitombo sy manao ireo singa rehetra mandrafitra ahy toy ny ravina, taho, voankazo, sns. Mazava ho azy fa raha kapainareo na doranareo aho dia tsy afaka hanatanteraka ireo asa ireo, ankoatra ireo vokatsoa maro hafa afaka ataoko.

Ny gazy karbaonika dia maharitra mijanona amin'ny taona maro eny amin'ny habakabaka ary mitazona hafanana. Izany no mahatonga azy ho anisan'ireo entona maloto mangeja hafanana ka mahatonga ny fiakaran'ny maripana be loatra izay efa iaraha-mahalala eran-tany satria mamoaka azy be loatra ireo asa ataontsika olombelona. Izany dia mahatonga ireo fikorontanan'ny toetr'andro. Soa anefa fa ny hazo velona dia afaka manafoana azy ireny.

Ankehitriny dia efa misy ny tsena iraisampirenen'ny Karbaona mba afahana mamadika vola io asa lehibe ataon'ny hazo io. Afaka fantarina io abetsaky ny Karbaona voatroka sy voatahirin'ny hazo io. Ny mari-pandrefesana dia amin'ny kilao. Koa rehefa mahatratra arivo KILAO (1 000 kg) io taha io dia izay ilay ataontsika hoe « Kredit Karbaona » iray izay vidin'ireo orinasa na olon-tsotra mba ho fandraisan'izy ireo anjara amin'ny fanatsarana ny tontolo iainana eran-tany. Ireo Vondrona Madinika TERAKA dia hisitraka ny tombom-barotra azo avy amin'ny famarotan'ny orin'asa ITERAKA ireo « Kredit Karbaona » avy amin'ny hazo novolen'izy ireo tsirairay.




KREDIT KARBAONA

Mpitondra fivavahana iray nitarika mpamboly hazo TERAKA hafa

Ny 07 oktobra 2023 nandritra ny fihaonamben'ny Sinodam-Paritany Soavinandriana (SP29) izay notanterahina tao Anteza, Kaominina Mananasy, dia nampahafantatra ny fandaharanasa TERAKA tamin'ireo Kristianina FJKM ny ekipa TERAKA. Andro vitsy taty aoriana, niantso ny ekipa ny Katekista iray izay nanatrika ny fihaonambe. Ity farany moa dia nanambara fa nahakasika sy nahaliana azy ny votoatin'ny fandaharanasa.

I Katekista RAKOTONDRAMIALY Justin dia monina ao Amparaky ary mitarika ny fiangonana FJKM Amparaky. Izy no nampahafantatra voalohany ny TERAKA tamin'ireo Kristiana notarihiny. Vokatr'izany dia Vondrona Madinika 3 (Fanantenana, Maitso Kely, Maitso an'Ala) no tafatsangana sahady ny 26 oktobra 2023 izay ahitana azy. Izy ireo no Vondrona Madinika TERAKA tafatsangana voalohany indrindra.



I Katekista dia anisan'ny modely ho fakan-tahaka ho an'ny tantsaha TERAKA rehetra mba ho fampiroboroboana ny TERAKA any amin'ny tanana misy azy ireo. Ny hafatra omeny antsika efa mpikambana dia hoe : « *Samia mihezaka mamboly hazo ry tsantaha namako. Tombon-tsoa be dia be no azo avy amin'ny hazo fa sady mihinana ny voany no mialoka aminy. Ary aza adino ny manangana ny Vondrona Madinika hisy anao mba hisitrahanao ireo tombon-tsoa.* »

GAZETY tohiravina

TERAKA
212 route Circulaire Ambanidia
101 Antananarivo

Fampafantarana : TERAKA
Mpanoratra : RASOARIMALALA Fenosoa
Soarifetra - RAKOTONIAINA Nambinina - ANDRIAMBOLATIANA Irina
Sary : © TERAKA
Lasitra : Groovy Artistik
Fanontana printy : ECOPRIM
TERAKA dia marika voaaro

www.teraka.org

Raha hiditra mpikambana TERAKA, antsoy ny laharana :
0348814236 / 0321595192